

## TORITENY - ALAHADY 4 PAKA - TAONA D



### *Homeko ny fiainana mandrakizay ny ondriko.*

Ry kristianina havana, anio alahady faha-4 amin'ny Paka, raha mahatsikaritra ianareo dia isaky ny Alahady anankiray dia misy endrik'i Jesoa asongadin'ireo vakiteny, ny endrik'i Jesoa famindrampo ary indrindra amin'izao taona masina ny famindrampo izao. Ny vakiteny tamin'ny Paka dia fantantsika fa i Jesoa nitsangan-ko velona ka niaraka tamin'ny mpianatra tany Emaosy, ary izy miara-dàlana amintsika tokoa. Ny Alahady faharoan'ny Paka sady Alahady ny famindrampo rahateo, misongadina izany famindrampom'Andriamanitra izany. I Jesoa no endriky ny famindrampom'Andriamanitra ka i Tomà izay sarotra nino dia nahatsapa fa famindrampo tokoa Andriamanitra ka tsy nisalasala nilaza hoe "Tompoko sy Andriamanitra", dia isika koa niaraka tamin'i Tomà tamin'iny Alahady faharoa ny Paka iny nanambara ny fiakem-pinoantsika. Ny Alahady fahatelo kosa tsapantsika fa eo anivon'ny fiainantsika Andriamanitra, tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanintsika na dia eo aza ny haizin'ny fiainantsika tahaka ny nanjo an'i Piera sy

**Vakiteny I :** Asa 13, 14. 43-52

**Salamo :** Sal. 99, 2. 3. 5.

**Vakiteny II :** Apôk. 7, 9. 14b-17

**Evanjely :** Jo. 10, 27-30

ireo namany. Raha tsy miaraka amin'ny Tompo isika dia tsy mamokatra, inona tokoa moa no nitranga ? Teo ny Tompo ary niteny tamin'i Piera : "alatsaho ny haratonao", dia namokatra ny fiainany, namokatra ny haraton'i Piera ary tsy rovitra na be dia be aza ny azo satria tian'Andriamanitra ho ao anatin'ny vala tokana ao aminy, ho oloaraiky ao aminy isika rehetra. Izay

ihany koa no nahatonga an'i Jesoa nanontany an'i Piera hoe : "moa ve tia ahy ianao ?" Dia nirahiny i Piera hamahana ny zanak'ondriny ary tian'i Jesoa koa isika hamahana ny zanakondriny. Izany tokoa no banjinintsika amin'izao Alahady faha-4 izao izay fantantsika fa Alahady ny Mpiandry ondry tsara, hivavahantsika manokana ho an'ireo mpiandry ondrintsika dia ny Papa, ny Eveka, ny Pretra sy ireo izay manana andraikitra amin'ny fikarakarana ny Eglizin'Andriamanitra

(ny katekista, ny inspektera). Ity tokoa ny andro hivavahantsika ary indrindra isika eto amin'ny diosezy : hanaovantsika ezaka amin'ny alalan'ny rakitra izay alefantsika any amin'ny Saint Pierre apôtre mba hikarakaran'izy ireo ihany koa an'ireo seminera manerana an'izao tontolo izao ary anisan'izany ny seminera eto amintsika. Hiezaka koa isika handray an-tànana an'izany seminera izany.

Miroso tokoa isika manatanteraka an'izany ka araraotiko izao fotoana izao no ankasitrahako isika sahady amin'ny ezaka ataontsika no manentana atsika koa hiroso amin'ny lalindalina koa. Ndeha ary hibanjina an'ilay mpiandry ondry tsara isika, ilay fantantsika fa mahalala atsika, izy no Andriamanintsika, tsy mba lavitra izy ary izay no maha-mpiandry ondry tsara azy satria mahalala ny ondriny izy.

Na ny mpiandry omby dia mahalala ny ombiny tsirairay ary manome anarana hatramin'ny tandroka, ny lokony, na ny rambony aza, vao mainka ve ny mpiandry ondry tsara ? Tsy vitany mahalala ihany izy fa mahafoy ny ainy, izay tokoa i Jesoa, tsy mba manjakazaka izy.

Raha ny mahazatra antsika manko ny mpiandry omby dia manaraka ny ombiny aty afara dia mikapoka ny ombiny fa tsy izay kosa ny mpiandry ondry tsara satria izy mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny, izy no mitarika ny ondriny, izy no lâlana hivakivakian'ny ondriny, izy no fahamarinana hiveloman'ny ondriny, izy no aina mamelona ny ondriny, hitantsika ao amin'ny Evanjely androany (Jn10, 27-30) : "Homeko ny fiainana mandrakizay ny ondriko" ary izay ny tanjona ho an'ny mpiandry ondry tsara. Io no toetran'ilay mpiandry ondry, mahalala, mahafoy ary mitarika any amin'ny fiainana mamndrakizay. Ary isika ary inona ny anjarantsika ? dia ny hahalala ny feony.

### **Inona ary ny dikan'ny hoe hahalala ny feony ?**

***Ny dingana voalohany*** : Hihaino ny teny, handray ny teny, io no azo lazaina fa finoana ho antsika ary izany no nampianarin'Andriamanitra ny vahoakan'Israely, tsy mba ny "credo" vavaka fanambarantsika ny finoana no taloha fa Andriamanitra manambara ny sitrany amintsika. Ny finoana tamin'ny fivavahana jody lovantsika dia ny fahaizantsika mihaino sy mandray ny tenin'Andriamanitra.

Izany no anjarantsika ondry dia ny mandray ny teny, ny mihaino ary mampiditra izany amin'ny sofintsika, ao am-pontsika ary am-bavantsika ao, izany ny dingana voalohany.

***Ny dingana faharoa*** : ny "méditation" izany hoe mibanjina, mandalina azy ao am-po tahaka ny nataon'i Masina Maria nitahiry izany rehetra izany tao am-po ary i Masina Maria no modelin'ny ondry satria nahay nihaino ny teny izy, nihaino ny hafatr'Andriamanitra ka nibanjina, nandalina azy.

***Ny dingana fahatelo*** : manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra. Izany hoe mandray ny tenin'Andriamanitra ary izay no anjarantsika ondrin'Andriamanitra dia mandray ny teniny, izany hoe mihaino, mampiditra azy ao am-po ary manatanteraka azy eo amin'ny fiainana. Io no mahatonga atsika milaza hoe mampitraotra ny finoana sy ny fiainoana andavanandro. Aza gaga isika fa tsy mandeha ho azy izany fiainana izany fa na tamin'ny fotoanandro taloha, araka ny enontsika tamin'ny vakiteny voalohany (*Asa 13, 14. 43-52*) fa misy mpialona i Paoly sy Barnabe ka voatery nisintaka izy ireo. Aza gaga koa ary isika fa amin'izao vanim-potoanantsika izao koa dia misy manenjika ny finoana, misy manenjika ny Papa, na ny Eveka, na ny Pretra aza, na dia miezaka mahafoy ny ainy aza izy ireo dia misy mpanenjika, misy ny mpialona.

Ny vakiteny voalohany manambara fa tsy nampihemotra an'i Paoly sy Barnabe izany ary isaorana an'Andriamanitra aza fa noho ny fialonana tamin'izay dia lasa izy ireo nitony tamin'ireo jentilisy izany hoe ireo izay mbola tsy nahalala an'Andriamanitra izany, ireo izay mbola tsy vonona hahafantatra sy handray ny tenin'Andriamanitra. Noroahana izy roa lahy ary tamin'izay izy ireo no nanintsana ny vovoka tamin'ny tongony hiampangana ireo nandroaka azy dia lasa nankany tany Ikôniôma tanàna mbola tsy mahalala. Feno hafaliana sy fanahy masina izy ireo. Izay indrindra koa no mbola ambaran'ny boky fanambarana nosoratan'i Md Joany (*Apôk. 7, 9. 14b-17*) amin'ny vakiteny faharoa : "Ny zanak'ondry izay manjaka no hitondra azy ho amin'ny loharanon'aina" araka ny nolazaintsika teo dia i Jesoa no hitondra atsika amin'ny fiainana mandrakizay ka na dia eo aza ny mpanaratsy, ny mpialona sy ireo mitady handribaka ny fiainantsika, matokia isika fa ilay mpiandry ondrintsika dia i KRISTY, ilay mpiandry ondry tokana efa nahafoy ny ainy ary efa naharesy ny ratsy.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, anio tokoa no hibanjinanay anao mpiandry ondry tsara mahafoy ny ainao ho anay. Enga anie izahay mba ho mpiandry ondry mahalala ny feonao tokoa, vonona handray sy hihaino ny teninao ka hanandalina sy hanatanteraka azy eo amin'ny fiainanay. Raha mihaino anao tokoa izahay handray ny teninao dia hiova ny masonay, ny sofinay, ny fonay, ny vavanay, ny tanaanay ka amin'izay hânana anao ho mpiandry tokana izahay ary dia ho entinao amin'ny fihinanam-bilona ka hahazo ny sakafo mahazatra, dia ho anao tokoa no hany loharanon'aina mamelona anay amin'ny fiainanay manontolo.

Mba ho vavolombelonao eo amin'ny manodidina anay tahaka an'i Paoly sy Barnabe na dia misy aza ny mpialona sy ny mpanaratsy, mahatoky izahay fa nandresy ianao ary aoka ny fiainanay ho vavolombelonao izany hoe hahay hampitraotra ny fiainana andavanandro sy ny finoana ka ho vavolombelon'ny famindramponao, ho zary famindramponao eo amin'ny manodidina anay.

Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson